


**REGAP : ANDRY SY TOKY**

**Notanterahina ny Alatsinainy 16 desambra 2019 ny fanolorana ny marim-pamantarana (*«Insigne de Corps»*) ara-pomba ofisialy ny Vondrona mpiaro ny Filoha**.

Nanolotra izany teny Iavoloha, toby misy io Vondrona io, ny Lehiben'ny Etamazaoron'ny Tafika Malagasy, ny Jeneraly Rakotonirina Théophile. Nisolo-tena ny Filoham-pirenena kosa ny Sekretera Jeneraly Iefitra ny Fiadidian'ny Repoblika.

Nandritra ny lahateny no nitondran'ny Lehiben'ity Vondrona ity, ny Kolonely Rabenjamina Thierry, ny Tantaran'ny vondrona sy ny niandohany. Ny faran'ny taona 1990 no nitsangana ny Rezimanta mpiaro ny Filoha, ka izao 30 taona latsaka kely aty aoriana izao vao nisitraka izany marim-pamatarana izany io Vondrona io. Vondrona izay ahitana miaramila sy polisy ary zandary.




Tamin'ny fitsanganany voalohany dia nantsoina hoe COSEP (*«Compagnie de Sécurité Présidentielle»*) ity Vondrona ity, izay teny Ambohitsorohitra no nisy Foibeny, talohan'ny nahavitana soa aman-tsara ny trano itobian'ireo Vondrona ireo eny Iavoloha. Dia niova ho RESEP (*«Régiment de Sécurité Présidentielle»*) izay lasa REGAP (

*«Régiment de Garde Présidentielle»*
) amin'izao fotoana izao.

Ny taona 2000 dia nitsanganan'ny indray ny BCS (*«Bataillon de Commandement et de Sécurité»* ) misahana ny fiarovana ny Andrim-panjakana rehetra. Ny an'ny Praiminisitra, ohatra, dia ny BSP ( *«Bataillon de Sécurité de la Primature»* ) no miaro azy.

Ny taona 2005 no noforonina ny logo sy ny hira fanevan'ny Vondrona mpiaro ny Filoha. Izany Ravelona Edgard izany, fony izy Kapiteny, no nipoiran'ny famoronana azy roa ireo ary noezahiny natsaraina hatrany ilay hira faneva.

Nandrita izay valo volana lasa izay (May-Desambra) dia maro no efa vita ary mbola maro ny adidy miandry. Nisy ihany koa ny nampalahelo izay nisian'ny famaizana ny Cercle Mess ao Iavoloha tamin'ny 14 Novambra 2019. Anisan'ny hetahetan'io Vondrona io ny hanarenana izany Cercle Mess izany.

**Andry Rakotonirainy**